# ALAHADY 08 MAR 2020

« **Kanefa manan-teny aminao Aho, satria efa niala tamin'ny fitiavanao voalohany ianao. Izay manan-tsofina, aoka izy hihaino izay lazain'nyFanahy amin'ny fiangonana. Izay maharesy dia havelako hihinana ny avy amin'ny hazon'aina, izay eo amin'ny Paradisan'Andriamanitra** ». **Apokalypsy 2 :4 ;7**

« **Kanefa manan-teny aminao Aho, satria efa niala tamin'ny fitiavanao voalohany ianao** ». Izay no hafatra ho antsika Fiangonana ry havana ô, amin'izao maraina izao : **MIVERENA AMIN'NY FITIAVANAO VOALOHANY.**

Mety mizara roa ihany ny fandraisan'ny Fiangonana an'izany :

- Ilay efa tia an'i Jesoa tamin'izany fitiavana voalohany izany, tamin'izany premier amour izany, dia tena faly : misaotra Jesoa ny amin'ny fanairana, fa izaho tokoa ilay efa tia Anao tamin'ny fitiavana voalohany, Misaotra ny amin'ny fanairana.
- Dia ilay karazan'olona faharoa indray, tsy mbola mahafantatra an'ilay fitiavana voalohany izy, dia hoy izy hoe : an, miverena amin'ny fitiavanao voalohany. Dia mety hiteny izy izao anakampo ao hoe : « Dia ahoana izany Pasitera ity vadiko ity ? »

Izay ilay izy concrètement ka, concrètement. Fa ilay hafatra ry havana ô : **MIVERENA AMIN'NY FITIAVANAO VOALOHANY**, dia ilay fitiavana an'i Jesoa. Ary raha mbola tsy fantatrao izany fitiavana voalohany izany : angataho Aminy e, izany hoe fitiavana voalohany izany. Fa tsy mi-existe izany fitiavana an'i Jesoa izany raha tsy hoe fitiavana Azy amin'izany hoe firehetana, firedaredan'izany hoe fitiavana voalohany izany. Sady modely tsara no ohatra ratsy ny Fiangonana tao Efesosy, satria tenenin'i Jesoa izy eto amin'ny bokin'ny Apokalypsy eto hoe : « manan-teny aminao Aho, satria niala tamin'ny fitiavanao voalohany ianao ». Izany hoe, ny Tompo dia

vavolombelona fa nanana an'izany fitiavana voalohany izany ny Fiangonana tao Efesosy. Saingy 40 taona taty aoriana, dia nialany izany.

Andeha anie jerentsika vetivety ary hoe toa inona izany hoe fitiavana voalohany nitiavan'ny Fiangonana tao Efesosy an'i Jesoa izany ry havana ô. Sokafantsika ny baibolintsika ao amin'ny bokin'ny **Asan'ny Apostoly 19**, dia hahamora azy, misy section somary lava, eny e, tsy dia lava mankaiza izy eo an, hoe ampatsiahivana antsika izany hoe fitiavana voalohany izany. Andao iarahantsika mamaky miadana, amin'izay takantsika ilay hoe fitiavana voalohany, **Asan'ny Apostoly 19 :8-20 :** *« Ary Paoly niditra tao amin' ny synagoga ka niteny tamin' ny fahasahiana, dia niady hevitra telo volana ka nampanaiky ny amin' ny fanjakan' Andriamanitra. Fa raha nikiribiby ny sasany ka tsy nanaiky, fa niteny ratsy izany fampianarana izany teo imason' ny olona maro, dia niala tamin' ireo izy ka nitondra ny mpianatra nitokana, dia niady hevitra isan-andro tao amin' ny trano fampianaran' i Tyrano. Ary naharitra roa taona ngarangidina izany, ka dia nandre ny tenin' ny Tompo izay rehetra nonina tany Asia, na Jiosy na jentilisa. Ary ny tànan' i Paoly no nanaovan' Andriamanitra fahagagana lehibe maro, ka dia ny mosara sy ny fiaron' akanjo teny aminy no nentina hatao amin' ny marary, dia sitrana ny aretiny, ary nivoaka ny fanahy ratsy. Ary nisy Jiosy sasany, mpiriorio mamoaka fanahy ratsy, izay ninia nanonona ny anaran' i Jesosy Tompo koa teo ambonin' ny manana fanahy ratsy ka nanao hoe: Mampianiana anareo amin' i Jesosy Izay torin' i Paoly aho. Ary nisy fito mirahalahy, zanak' i Skeva, Jiosy, lohan' ny mpisorona, izay nanao izany. Ary ny fanahy ratsy namaly ka nanao taminy hoe: Fantatro Jesosy, ary fantatro koa Paoly; fa mba iza kosa moa hianareo? Ary ny lehilahy izay nanana ny fanahy ratsy dia niantsambotra tamin' ireo ary nahery ka naharesy azy roa lahy, dia nandositra niala tamin' izany trano izany ireo sady nitanjaka no voaratra. Ary fantatry ny Jiosy sy ny jentilisa rehetra izay nonina tany Efesosy izany; dia raiki-tahotra ny olona rehetra ka nankalaza ny anaran' i Jesosy Tompo. Ary maro*

*izay nino dia tonga ka niaiky sy nilaza ny asany. Ary maro ny mpanao ody no nanangona ny bokiny ka nandoro azy teo imason' ny olona rehetra; ary nony voatontaly ny tokom-bidiny, dia hita fa volafotsy dimy alina izany. Fatratra toy izany no fandroson' ny tenin' Andriamanitra sy ny heriny ».* Ahoana no nisehoan'ny fitiavana voalohany ho an'i Jesoa ry havana ô, tao Efesosy ? Niseho ilay fitiavana voalohany rehefa hoe naheno ny tenin'Andriamanitra na ny jiosy na ny grika ; naheno ny tenin'Andriamanitra, tena hoe nianatra ny tenin'Andriamanitra. Misy antokon'olona eto antsoina hoe mpianatra izay nanaraka ny fampianaran'ny Apostoly 2 taona ngarangidina isan'andro isan'andro, tao amina sekoly antsoina hoe sekolin'i Tyrano, karazana lycée, Tyrano no tompony. Dia nianatra isan'andro, ary mianatra dia misaina, mianatra dia misaina dia mankatoa. Be dia be no mianatra fa tsy misaina. Ary be dia be no mianatra sy misaina fa tsy mankatoa. Tsy hiaina an'izany fitiavana voalohany izany ianao ry havana ô. Dia ireo koa izany nahita ny fahagagana nataon'ny Apostoly Paoly nahita ny afitsok'ireo olona nanana fanahy maloto an, izay niantsambotra, ka nasiaka tamin'ireo lehilahy anankiroa hoe mpamoaka demonia, nefa tsy fantatra akory hoe iza ireo, tsy avy amin'i Jesoa akory izy ireo. Ny devoly moa teo dia niteny hoe : « an an an, fantatray Jesoa, fantatray Paoly, ary atahoranay ireo ; fa nareo tsy fantatray, tsy atahoranay nareo ». Dia niantsambotra ilay demoniaka dia namono ka nahery tamin'izy roalahy milaza azy ho mpamoaka devoly. Nahita an'izany fahagagana izany ny olona ry havana, tao anaty-na contexte fianarana tenin'Andriamanitra, tao anaty-na contexte fandroahana ny asan'ny demonia an, dia hoe raiki-tahotra ny olona ka nankalaza ny anaran'ny Tompo ary nandray an'i Jesoa ho Tompo sy Mpamonjy. Izay no niandohan'ilay fifohazam-panahy. Ary dia vokatr'ilay fifohazam-panahy, dia hoy ny **and. 18 :** *« Ary maro izay nino dia tonga ka niaiky sy nilaza ny asany ».* Maro izay nino ny tenin'Andriamanitra izany, tonga ka niaiky teo ampahibemaso teo, sy nilaza ny asany. Sokajin'olona 2 ireo ry havana : ilay jentilisa vao nandray an'i Jesoa, dia milaza ko aizy hoe : izaho tao taloha, milaza ampahibemaso ; tsy

menatra izy, hoe : hay ve iny ohatran'izao ! Lasako izany e, fahiniko izany e. Fa amin'ilay sokajin'olona hoe niaiky sy nilaza ampahibemaso ny asany, misy an'ilay mpianatra mba efa nanam-pinoana ihany koa ry havana ô, dia milaza ampahibemaso, miaiky ampahibemaso. Tsy matahotra izy hoe : izaho anie mba ohatran'izao ny position-ko ao am-piangonana e, izaho anie efa mpianatra e, tena ho afa-baraka raha fantatra. Niaiky izy ry havana ô, teo ambany fitarihan'ny Fanahy Masina sy fiasan'ilay Fanahy Masina tamin'ny teny. Dia niaiky izy ary nilaza zavatra ratsy fanaony. Ary dia hoe, eo amin'ny **and.19 :** *« Ary maro ny mpanao ody no nanangona ny bokiny ka nandoro azy teo imason' ny olona rehetra; ary nony voatontaly ny tokom-bidiny, dia hita fa volafotsy dimy alina izany ».* Marik'ilay fitiavana voalohany, marik'ilay fampanjakana an'i Jesoa ao amin'ny fiainany ry havana, ireto mpanao ody ireto dia nandoro ilay boky fanaovana ody ; ny mpandinika sasany moa dia milaza hoe amina millions de dollars mihitsy no tontalin'ireo boky ireo. Ny olona tia an'i Jesoa amin'ny fitiavana voalohany dia manaiky manao sacrifice ho Azy ry havana ô. Manaiky manao secrifice ho Azy. Izany ny olona tia amin'ny fitiavana voalohany. Tsy manome ho an'i Jesoa izy, fa manao sacrifice ho an'i Jesoa. Izany ny toetran'ity Fiangonana ity. Hitan'i Jesoa ry havana, 40 taona talohan'ity Apokalypsy ity, Apokalypsy nosoratana vers 95 après Jésus Christ ; izany hoe 40 taona talohan'izay izany izao zavatra izao no nitranga. Dia 40 taona lasa, niha-nangatsika, niala tamin'izany ireto Efesiana ireto. Miteny aminao ny Tompo e, miteny aminao ny Tompo. Miverena Aminy. Izay ny lohahevitra FJKM. Miteny anao manokana Izy androany : MIVERENA AMIN'NY FITIAVANAO VOALOHANY. Angamba tsy mila azavaina ry havana, amin'ny Fiangonana, izany hoe fitiavana voalohany izany. Tsy mila azavaina izany hoe premier amour izany. Tena mamy izany premier amour izany e, tena mamy. Mamy ny fiarahana, mandeha haingana loatra ilay fotoana, ilay fotoana iarahana, tsy mifankafoy : izany ilay premier amour ry havana ô. Izay resaka eo : mamy daholo. Suspendu amin'ny lèvres ilay olon-tiana ianao : « inona indray no holazainy amiko eo izao ? » : mamy, mamy. Dia rehefa hisaraka dia hoe :

rahoviana indray izao vao mifankahita ? Rahoviana ? An an an, ela loatra izany ; an an an, za tsy manaiky. Izany ilay premier amour ry havana. Satry foana hampiaraka, satry foana hampiaraka. Ny sasany ary aty am-piangonana no mampiaraka. Izay : hainareo tsara io. Hoy ilay mpanompon'Andriamanitra nampianatra anay tao amin'ny Ecole des Disciples : ry Fiangonana ô, raha te hiverina amin'ny fitiavana voalohany , raha te hiverina amin'ny premier amour-nao ianao, mianara mampiaraka amin'i Jesoa.

Izay ny **Fahamarinana 1** teo : **MIANARA MAMPIARAKA AMIN'I JESOA.** Fa Jesoa aza feranao hoe amin'ny Alahady maraina ihany ka hatramin'ny 12. Du Lundi au Dimanche, raha tianao hiova ny finoanao, hiova ny fiainanao, ary mba hiaina an'izany hoe fitiavana voalohany izany ianao : **MIANARA MAMPIARAKA AMIN'I JESOA,** dia hiravona ny fifandraisanao Aminy, dia ho hitanao ny hamamin'izany hoe fitiavana voalohany izany. Izay ny Fahamarinana 1 hoe : Ry Fiangonana ô, **MIANARA MAMPIARAKA AMIN'I JESOA.** Mazava be izany. Na tsy hanokatra dictionnaire sy heviteny ianao, rehefa hoe : Jesosy ô, ampianaro aho hampiaraka aminao, ho hitanao izany hamamin'ny fitiavana voalohany izany ry havana ô.

Izay izany ilay fitiavana voalohany. Mazava be izay. Fa ny problema izany dia izao : miteny Jesoa amin'ny alalan'ny Apostoly Jaona ao amin'ny Apokalypsy hoe : Teneno Efesosy an, « fa manana teny aminao aho an, fa ianao dia niala tamin'ny fitiavanao voalohany ». Ilay fanontaniana ho jerentsika izany dia izao hoe: Fa ahoana no mahatonga ny olona izay efa nanana an'ilay fitiavana voalohany izany ; fa ahoana no mahatonga ny olona hiala amin'ny fitiavana voalohany ? Raha ity fitiavana voalohany ity, raha ilay expression ao amin'ny Apokalypsy no ahitana azy ; fa efa tena hoe fampianaran'i Jesoa izy ity ry havana. Jerentsika anie ny **Marka 12.** Raha nanontanian'ny mpanora-dalàna anankiray Jesoa hoe fa inona moa no didy voalohany amin'ireo didy rehetra ireo, izay miisa 623 ? Inona no didy voalohany e ? **Marka 12 :29-31 :** *« Ary Jesosy namaly*

*hoe: Ny voalohany dia izao: Mihainoa, ry Isiraely: Jehovah Andriamanitsika dia Jehovah iray ihany; koa tiava an' i Jehovah Andriamanitrao amin' ny fonao rehetra sy ny fanahinao rehetra sy ny sainao rehetra ary ny herinao rehetra. Ary ny faharoa dia izao: Tiava ny namanao tahaka ny tenanao ».* Ireo izany no didy lehibe indrindra. Ka rehefa miteny ry havana Jesoa hoe : *« tiava an' i Jehovah Andriamanitrao amin' ny fonao rehetra sy ny fanahinao rehetra sy ny sainao rehetra ary ny herinao rehetra »,* rehefa miteny an'izany Izy dia hoe : « Tiava an'i Jehovah Andriamanitrao e amin'ny fitiavana voalohany ». Ary dia hoe : *« Tiava ny namanao tahaka ny tenanao ».* Inona no manimba an'ilay fitiavana voalohany ? Inona no mampiala amin'ilay fitiavana voalohany ? Ny tenanao, ny tenako, ilay « izaho », ilay « moi », ilay « je » ry havana ô. Miteny ny Soratra Masina hoe : « Tiava an'i Jehovah Andriamanitrao », « Tiava ny namanao », farany « Tiava ny tenanao ». Tsy tianao Jehovah Andriamanitra, tsy tianao ny namanao, tianao ny tenanao.

Hoy isika tamin'ilay fahamarinana 1 hoe : aoka ianao ho mpino, ho Fiangonana mampiaraka amin'i Jesoa. Ny **Fahamarinana manaraka** dia izao hoe : **AZA AMPIRAFESINA AMIN'ILAY « IZAHO », AMIN'ILAY « MOI »-NAO JESOA. AZA AMPIRAFESINA AMIN'ILAY FIZAHOZAHOANAO JESOA** ry havana ô. Fa io fizahozahoana io, io fizahozahoanao io manimba ny fitiavanao voalohany e ! **AZA AMPIRAFESINA AMIN'ILAY FIZAHOZAHOANAO JESOA** ry havana.

Rehefa tena mifankatia, ohatran'ilay ohatra nalaintsika amin'ny maha-olombelona teo ry havana ny olona anankiroa, rehefa tena hoe mifankatia ohatran'izany, tena hoe henonao mihitsy ary manamarina ianao an, tsy misy intsony ny hoe « izaho » sy « ianao » ; fa ilay mpifankatia amin'izany hoe fitiavana voalohany izany, aza raha voatonony moa ilay hoe « isika », « isika », « isika », fa tsy mahatsiaro hoe « izaho » sy « ianao ». Fa tena hoe tena iray, mahatsiaro hoe tena fanahy iray ; ary izay mihitsy koa ry havana no mitranga rehefa tena hoe manana fitiavana voalohany ho an'i Jesoa

ianao. Tena mahatsiaro ianao hoe fo iray Aminy, fanahy iray Aminy. Ary marina ara-bakiteny aminao ilay tsianjerintsika hoe : « Tsy izaho intsony no velona fa Kristy no velona ato anatiko » rehefa manana an'ilay fitiavana voalohany ianao ry havana ô. Fa izao : rehefa tsy Jesoa intsony no ivon'ny fiainanao, fa ny centre-ny fiainanao : ianao, ny centre-ny fiainako : izaho ; manimba e, manimba ilay fitiavana voalohany izany ry havana ô. Manimba ilay fitiavana voalohany, ary dia hoe : simba, simba tanteraka, na mihasimba dia avy eo simba tanteraka ilay fiombonam-po, ilay fiombonam-panahy amin'i Jesoa satria ianao no centre du monde, ianao no centre-ny fiainanao. Ary tsy fifaliana ho anao intsony ilay fihaonana amin'i Jesoa, ilay fotoam-bavaka, ilay fihainoana teny, ilay culte de famille. Tsisy fifaliana aminao izany e. Tsy raisonao ho privilège intsony izany hoe ianao sy ny ankohonananao hiara-mivavaka satria simba ilay fiombonana amin'i Jesoa ry havana ô. Ary ny olona mizahozaho, tsy mihaino n'iza n'iza izy. Ary izany no mbola hitenenan'ny Fanahy amin'ny Fiangonana androany ao amin'ny **Apokalypsy 2 :7** hoe : *« Izay manan-tsofina, aoka izy hihaino izay lazain'nyFanahy amin'ny fiangonana ».* Aza manampin-tsofina ianao ry havana ô. Mba henoy izay lazain'ny Fanahy aminao hoe : io fizahozahoanao io, manimba ny fitiavanao voalohany an'i Jesoa ry havana ô. Ary rehefa tsy Jesoa intsony no centre-ny fiainanao, normal be : ny fotoananao dia ho anao sy ho an'izay mahafinaritra anao. Tsy manam-potoana intsony ianao ho an'i Jesoa ry havana ô. Normal be izany. Aiza moa no tsy hangatsiaka ilay fitiavana ? Rehefa tsy tafahoana Aminy intsony ianao, rehefa tsy mifankazatra Aminy, rehefa tsy mifanerasera, simba ilay fiombonana e, mahakamo anao ilay fotoam-bavaka e. Koa tsy mihaona Aminy intsony ianao, tsy manam-potoana intsony ianao. Misy fitenenan-dry zareo vazaha izay, hoe : « Quand on ne se parle pas (amin'ny fotoana maharitra izany), on finit par ne plus rien avoir à se dire ». Rehefa kamo mihaona amin'i Jesosy ianao, pli vava fotsiny ilay vavaka. Indraindray tsy mahasokatra vava akory ary ianao ry havana ô. Izay ilay vokatr'ilay fizahozahoana ry havana ô. Ianao no ataoanao hoe

centre du monde. Ary mba hitomboanao amin’ilay fizahozahoana, satria ny vola no maha-olona, ny vola no maha-lehilahy, ny centre-ny fiainanao koa dia mikisaka any amin’ny vola ry havana ô. Dia inona ny zavatra mitranga ? Vola, vola, vola ; dia ny fiainanao : harena miampy harena fa tsy fahasoavana miampy fahasoavana. Ny fiainanao : tômôbile miampy tômôbile, scooter miampy scooter ; fa tsy fahasoavana miampy fahasoavana. Satria Jesoa no loharanon’ny fahasoavana ry havana ô. Ary rehefa ataonao an-kilabao Izy ; azonao izao tontolo izao, nefa sanatria an’izany, very ny fanahinao. Maty antoka ianao. Ary rehefa mba tenenin’ny Fanahy tahak’izao ianao hoe : miverena amin’ny fitiavanao voalohany e, miverena amin’i Jesoa : ny Fanahy no miteny anao an’izany androany dia mbola hoy ianao, tahaka ilay mpanankarena tao amin’ny **Lioka 12** hoe : « an an an, izaho Pasitera an, izaho ry Fanahy an, tena hoe manana fananana be, tsitako izay mampahory ahy, aleo aho hikarakara fananana aloa, hankafy ny fananako ». Na hoe « izaho mbola tsy manana fananana be fa andraso aloa Pasitera fa amin’ny maha-tanora anay mivady dia mbola vao mihary izahay izao an ». Ry havana ô, ry havana ô, miteny aminao ny Tompo hoe : MANIMBA NY FITIAVANAO VOALOHANY, MAMPIALA ANAO AMIN’IZANY FITIAVANAO VOALOHANY IZANY IO FIZAHOZAHOANAO IO, IO FITIAVANAO VOLA IO, IO VOLA ATAONAO CENTRE-NY FIAINANAO IO. Izay ny fahamarinana 2.

Ny <u>**Fahamarinana 3**</u> dia hoe : **HO ANAO IZAY NANAPA-KEVITRA ANDROANY AMIN’NY FOMBA TSOTRA SY MAZAVA FA HOE HATRAMIN’NY FARA-FOFON’AINAO DIA HAMPIARAKA AMIN’I JESOA AMIN’IZAY IANAO ISAN’ANDRO, HO ANAO IZAY NANAPA-KEVITRA HOE ENY ARY E, TSY HAMPIRAFY ANAO AMIN’ILAY FIZAHOZAHOAKO INTSONY AHO JESOA AN : Ny Fahamarinana 3** dia hoe : **AZA AMPIRAFESINA AMIN’IZAO TONTOLO IZAO JESOA.**

Jerentsika ny **Jakoba 4 :4 :** *« Ry mpisintaka mijangajanga, tsy fantatrareo va fa fandrafiana an’ Andriamanitra ny fisakaizana amin’ izao tontolo izao? Koa na iza na iza te-ho sakaizan’ izao tontolo izao, dia fahavalon’ Andriamanitra izy ».* Tsy

fantatrareo va fa fandrafiana an’ Andriamanitra ny fisakaizana amin’ izao tontolo izao, ny finamanana amin’izao tontolo izao? Hitantsika manko ilay hoe : « Tiava an’i Jehovah Andriamanitrao », « Tiava ny namanao », « Tiava ny tenanao ». Fa simba ilay fitiavana dia lasa fitiavan-tena. Ilay fitiava-namana lasa fitiavana an’izao tontolo izao, dia manimba an’ilay fitiavana voalohany. Fandrafiana an’ Andriamanitra ny fisakaizana amin’ izao tontolo izao. Tadidio kely io. Haintsika ny **Matio 4 :4,** izao indray haintsika ny **Jakoba 4 :4 :** fandrafiana an’ Andriamanitra ny fisakaizana amin’ izao tontolo izao. Fandrafiana an’ Andriamanitra, dia mazava ho azy fa manimba, mampiala amin’ilay fitiavana voalohany. Hitanareo angamba ity soratra antaon’i Pasteur Ammi, filohan’ny Fjkm ity ; asa, publication Vontosy Filazantsara izy ity raha tsy diso aho. Dia manoratra Président Ammi hoe : *« Miha-mangatsiaka ny fitiavan’ny olona an’i Jesoa rehefa revo amin’ny rendrarendran’izao tontolo izao izy. Reraka mamonjy tranon-dalonana ny Sabotsy alina ohatra, dia tsy mahafoha hivavaka ny Alahady. Variana mijery télé dia tsy manam-potoana hivavahana sy hamakiana Baiboly intsony ».* Efa fantatsika anie izany ry havana e, fa manao teny averina amintika Fiangonana ny Fanahy amin’izao maraina izao. Fandrafiana an’Andriamanitra e, izany hoe fisakaizana amin’ny rendrarendran’izao tontolo izao, izany ho fisakaizana amin’ny télé sy ny tahak’izany ry havana ô. Ary dia manimba ilay fiombonana, manimba ilay hoe communion amin’i Jesoa ry havana ô. Ary ilay karazan’olona ohatran’izao, raha tafangona ary izy ny Alahady, satria teren’ny ray aman-dreny, na ohatran’izany, tonga eto izy, miady amin’ny torimaso. Tsy aleo natory tany an-trano ! Tonga eto izy, kamo be izy mihaino toriteny lava be ohatran’izao dia ilaozany milalao téléphone, soa ihany fa eo ny téléphone. Ry havana ô, ry havana ô, aza mampirafy an’i Jesoa amin’izao tontolo izao.

Mitodika aminareo STK manokana : tao amin’ny Vontosy Filazantsara tao amin’ny internet tao ihany no nahitana hoe, soratry ny Filohan’ny STK Foibe, vao tamin’ny herinandro teo

izany, Président-ny STK Foibe izany no nanoratra : ny STK Fjkm hoy izy, dia mandray naoty rehefa hoe mihaino toriteny. Mahafinaritra ange ny maheno an'izany e. Mahafinaritra izany fitaizana Fjkm izany ry havana. Izay ry STK izany an ! Fantatro fa misy mandray naoty moa aminareo ireo, fantatro mihitsy fa misy mandray naoty dia rehefa Alatsinainy, tonga any amiko izy dia hoe : tsy azoko tsara ity notenenin'i Pasitera ity, fa ahoana ? Ary ny STK Fjkm hoy izy, dia hoe olona miaina, mitandrina sy miaina tenin'Andriamanitra anankiray isan'andro. Izany ny sakaizan'i Jesoa izany ry havana ô. Izany ny olona mampiaraka amin'i Jesoa izany ry havana ô. Ary izany ny olona miady amin'izany hoe fampirafesana an'i Jesoa amin'izao tontolo izao. Izany ve ianao, na tsy STK ary ry havana ? Izany ve ianao e ?

Dodona Jesoa ry havana ô, ny amin'ny hiverenanao amin'ny fitiavanao azy amin'ny fitiavana voalohany amin'izao maraina izao. Fa be loatr any olona mitonon-tena ho mpianany ohatran'ireo mpianatra tany Efesosy 40 taona lasa izay, mitonon-tena ho mpianany, nefa tsy nahafantatra an'izany fitiavana voalohany izany. Ary maro loatra ny olona misalotra ny anarana kristiana izay hoe tsy manana fiombonana amin'i Jesoa fa manao zavatra goavana ho an'i Jesoa. Jesoa ry havana tsy miandry anao hanao zavatra goavana ho Azy, fa miandry anao Izy hanao zavatra miaraka aminy. Zavatra kely, zavatra lehibe, fa miaraka Aminy. Sao dia ianao ilay deraina fa mahavita zavatra be ho an'i Jesoa, ho an'ny Fiangonana, fa fantatra hoe tsy manao zavatra miaraka amin'i Jesoa satria tsy manana an'ilay fitiavana voalohany ? Miverena e, miverena ry havana ô, amin'ny fitiavana voalohany an'i Jesoa.

Ary eto am-pamaranana, dia miverina aho amin'ity hoe fisakaizana amin'izao tontolo izao ity. Mampandinin-tena anao ny Tompo ny amin'ny asanao, satria isika mbola eto amin'izao tontolo izao ; ary eto amin'izao tontolo izao no anaovantsika ny asa aman-draharaha, ny antom-pivelomantsika ry havana ô. Mampanontany anao ny Tompo, ny Fanahy no miteny amintsika

Fiangonana hoe : amin'ny fanantanterahanao ny asanao ry havana ô, ny asanao eto amin'izao tontolo izao : sao dia ahitana fomban'izao tontolo izao amin'ny fanatanterahanao ny asanao ? Ahitana hosoka, ahitana kolikoly, sy ny tahak'izany. Manimba ny fitiavanao voalohany ho an'i Jesoa izany. Manimba, n'inon'inona fanamarinan-tenanao ry havana ô. Ary miresaka asa ihany isika izao, ny Fanahy no miteny amintsika Fiangonana : manao ahoana ny asanao ? Sanatria an'izany, ary henoy tsara : ny asanao sao dia mahatonga anao hampandefitra an'i Jesoa ry havana ô ? Ny asanao sao dia mahatonga anao hampandefitra an'i Jesoa ? Raha lazaina amin'ny teny hafa izany dia izao : eo ny asanao, fa andao atao hoe arahaba soa, arahaba tsara, mahazo promotion ianao, sao dia ianao ilay hiteny amin'i pasitera hoe : « ento am-bavaka aho pasitera an, fa nahazo promotion be anya m-piasana, fa izaho kosa tsy ho hitanao aty am-piangonana intsony aloa noho izany andraikitro izany ». Manimba ny fitiavanao voalohany izany. Manimba ny fitiavanao voalohany izany ry havana ô. Capable ve izany ianao hiteny hoe : « Jesosy an, misaotra anao ny amin'io promotion io, fa raisiko ho fakam-panahy io, fa efa nampianarinao hihanina amin'izao karamako izao aho hamelomako ny vadiko, hamelomako ny zanako. Jamais izahay hanan-karena, fa ampy hivelomanay io. Fa arovy aho amin'ny fakam-panahy ho lasa izao sy izao sy izao, nefa hanambany anao. Hanimba ny fitiavako voalohany anao izany ».
Ny Fanahy no miteny an'izany amintsika Fiangonana ry havana ô. Ary hanterina : ianao izay mbola mifikitra ary manaja ny fomban-drazana, ny fomban-drazana malagasy mifandraika amin'ny fahafatesana, mifandraika amin'ny fanompoan-tsampy : n'inon'inona sincérité anao, n'inon'inona fanamarinanao, n'inon'inona fiarovanao ny soatoavina malagasy, manimba ny fitiavanao voalohany an'i Jesoa izany ry havana ô. Nefa Izy efa hoe dodona miandry anao hiverina amin'izany fitiavana voalohany izany.

Izao no teny farany, izao no tenyin'i Jesoa tamin'ny Fiangonana tao Efesosy : « Mibebaha ianao, mibebaha ianao ». Tsarovy ny nisy anao talohan'izay nahalavoanao. Ary miteny

antsika an’izany ny Tompo anio : « Mibebaha ianao e ». Mety ao anaty fahalavoana ianao, tsy izany no problema : « Mibebaha ianao ». Ny teny omena antsika ry havana, ao amin’ny **Ohabolana 24 :16,** teny omena antsika, **Ohabolana 24 :16a :** *« Fa potraka im-pito ny marina, nefa tafarina ihany »*. Potraka im-pito, na lavo im-pito ny marina, nefa tafarina ihany. Ianao izay te hiverina amin’ny fitiavana voalohany an’i Jesoa ry havana, hitan’i Jesoa io faha-potrahanao io, hitan’i Jesoa io fahalavoanao io ; ary talohanao, efa hitany ny fahalavoan’i Davida, fa tafarina Davida ry havana ô. Talohanao, hitany ny faha-potrahan’i Petera, fa tafarina Petera ry havana ô. Miteny aminao Izy, miteny aminao Izy hoe : « Potraka im-pito ianao, fa marina ianao, te hiverina amin’ny fitiavanao voalohany Ahy ianao, Izaho no hanarina anao ». Mibebaha ry havana ô, mibebaha fa ny Tompo vonona handray anao. Ary ho anao no hibebahanao mba tsy ho alainy ny fanaovan-jironao, hoy Izy ao amin’ity **Apokalysy 2** ity. Mba tsy ho alainy ny fanaovan-jironao, ianao no fanazavana, ianao no fanasin’ny tany. Raha alainy ny fanaovan-jironao, inona no antom-pisianao ? Ny fizahozahoanao sy ny volanao ? Tsy manana antom-pisiana intsony ianao, tsy manana utilié ho an’ny Fiangonana, tsy manana utilité ho an’izao tontolo izao ianao ry havana ô, rehefa alain’i Jesoa ny fanaovan-jironao. Fa miandry anao Izy e hibebaka, miandry anao Izy hibebaka dia hiaina an’izany fitiavana voalohany izany ianao, hiaina an’izany fitiavana voalohany izany ianao ry havana ô. Ary rehefa miaina an’izany fitiavana voalohany izany, ary izay miaina an’izany fitiavana voalohany izany ihany, izay miaina an’izany fitiavana voalohany izany ihany, ireo ihany ry havana ô, rahatrizay no hihinana ny avy ao amin’ilay hazon’aina izay eo amin’ny centre-ny Paradisan’Andriamanitra ; izay tia Azy amin’ny fitiavana voalohany ihany no avelany hihinana ny avy ao amin’ilay hazon’aina izay eo amin’ny centre-ny Paradisan’Andriamanitra. Ry havana ô, andao hifanome rendez-vous eo amin’ny hazon’aina izay eo afovoan’ny Paradisan’Andriamanitra rahatrizay.

Ho aminareo ny fahasoavan’ny Tompo. Amena